


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fanasitranana ho an’ny vatana

Ny vatako dia ho an'ny Tompo, ary ny Tompo dia ho an'ny vatako.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Lazain'ny Soratra Masina fa i Jesosy dia “Ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin’ny tenany teo ambonin’ny hazo, mba ho faty ny amin’ny ota isika, fa ho velona ny amin’ny fahamarinana; ary “ny dian-kapoka taminy no nahasitranana anareo.” (1 Petera 2:24).

Teo amin'ny hazo fijaliana, Jesosy dia nitondra ny fahotantsika tao amin'ny Tenany manokana, izay tonga fanatitra noho ny ota. Noraisiny teo amin’ny Tenany teo amin’ny hazo fijaliana ny ozona izay mendrika antsika ho Azy mba hanafahana antsika amin’ny ota. Hoy koa ny Soratra Masina: “Izy naka ny rofintsika sy nitondra ny aretintsika.” (Matio 8:17) tao amin’ny Tenany ihany, mba Hahasitranany antsika amin’ny dian-kapoka Taminy (Jereo ny 1 Petera 2:24). Raha ny momba an’Andriamanitra dia efa tanteraka, ny fanafahana antsika amin’ny ota. Raha ny momba an’Andriamanitra dia efa vita izany.

Mahaliana ny manamarika fa ny Testamenta Vaovao dia tsy mametraka fanasitranana amin'ny ho avy, fa amin'ny lasa. Sitrana isika hatramin’ny nahafatesan’i Jesosy, “ny dian-kapoka no nahasitrana anao” (nampiana fanamafisana). Efa nomena ny fanasitranana. Manontany ahy indraindray ny Kristiana hoe: “Ahoana no hahafantarako raha sitrapon’Andriamanitra ny hahasitrana ahy?” Matetika aho no mamaly hoe: “Raha Kristiana manolo-tena ianao, navotana tamin’ny ran’i Jesosy, dia heveriko fa diso ny fanontanianao. Ny fanontaniana dia tsy hoe: 'Ahoana no hahafantarako raha sitrapon'Andriamanitra ny hahasitrana ahy?' Fa ny fanontaniana dia ‘Ahoana bo ahazoako ny fanasitranana izay efa nomen’Andriamanitra ahy’’’ Ny fikasan’Andriamanitra dia ny hiaro antsika manontolo: fanahy , aina, ary vatana, araka ny nolazain’i Paoly hoe:

> “Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka [hanamasina anareo tanteraka]; ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy

hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika.”(1 Tesaloniana 5:23).

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny Fanomezanao ny tenako. Manambara aho fa tamin’ny nahafatesan’i Jesosy teo amin’ny hazo fijaliana, dia voavela heloka ary sitrana aho, ary ny fikasan’Andriamanitra dia ny hiaro ahy manontolo — fanahy, aina, ary vatana. Ny tenako dia ho an'ny Tompo, ary ny Tompo dia ho an'ny tenako, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-084-MLG
Nohavaozina farany: 08 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

